



**NY AHIAHIN'NY MPONINA MANOLOANA
NY RANO ETO MANDENA**

Ny fahalotoan'ny rano sy ny fahasaratana amin' ny fahazoana rano no tahotra lehibe indrindra an'ireo mponina eto Mandena.



NY FITAKIAN'IREO MPONINA



57%

no mitaky fampivoarana ny fahazoan-drano sy ny kalitaony

16%

no mitaky fandraisana fepetra hamerenana amin'ny laoniny ny kalitaon'ny rano sy/na ny fanomezana onitra ara-bola noho ny fahavoazana



Ny sasany taminareo dia nanambara nandritra ny fanadihadiana sy ny resadresaka natao fa maniry hahazo fanonerana ara-bola na fanarenana ny fahavoazana nateraky ny mety ho fahalotoan'ny rano.

Raha toa ka anisan'ireo olona ireo ianao ka mila fanazavana fanampiny dia :



Andefaso SMS na antsoy izahay ao amin'ny laharana

 **034 56 053 41**

na

Anoràty amin'ny mailaka

 **pwypmadagascar@yahoo.com**



**SAHIA MANOHITRA
NY TSY RARINY !**


NY FAHALOTOAN'NY RANO ETO MANDENA

FOMBA FIJERIN'NY MPONINA

VALIN'NY FANADIHADIANA SY NY DINIDINIKA NATAO TAO MANDROMONDROMOTRA, ANDRAKARAKA, EMANAKA ARY AMPASY NAHAMPOANA NY 27 SEPTAMBRA 2020

Ny **Publiez Ce Que Vous Payez na PCQVP** dia hetsika manerantany mikendry ny fahaiza-mitantana sy ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny vola azo avy amin'ny fitrandrahana ny harena ankibon'ny tany mba hiantefa amin'ny andavanandron'ny olom-pirenena tokoa ny fampiasana izany. Miisa 1.000 mahery ny mpikambana ao anatin'ny PCQVP manerantany, izay miparitaka amin'ny firenena 50. Anisan'izany I Madagasikara.

Ny taona 2012 no nitsangana ny rantsan'ny PCQV eto Madagasikara ka manana mpikambana miisa 12 izy ankehitriny.



Miara-miasa amin'ny vondrona any ivelany toy ny The Andrew Lees Trust (ALT UK), PWYP UK sy ny Friends of the Earth ny PCQVP Madagascar.

ZAVA-MISY

Ny ankamaroan'ny mponina ao Mandena sy ny manodidina no mampiasa ny rano mandeha ho rano fisotro. Nisy ny fanadihadiana nataon'ny PCQVP Madagascar ny 27 septambra 2020 mikasika ny kalitaon'io rano io, manoloana ny ahiahy amin'ny fahalotoany noho ny akora simika.



IREO VOKATRA NISONGADINA

52% n'ny mponina no mampiasa ny rano mandeha, ho an'ny fisakafoana sy ny fidiovana.


31% n'ny mponina no mahita fa antonony ny kalitaon'ny rano.

29% n'ny mponina no milaza fa ratsy ny kalitaon'ny rano.

 Ny ankamaroan'ny mponina **(+50%)** no milaza fa niharatsy ny kalitaon'ny rano **tao anatin'ny folo taona lasa**, ary hita eo amin'ny loko sy ny fofon'ny rano izany.

NY OLANA ARA-PAHASALAMANA SY ARA-PIVELOMANA ATERAKY NY FAHALOTOAN'NY RANO

1 Mankarary ny rano maloto



2 Mihena ny trondro voajono, na maty mitsikafona fotsiny, ka mihena arak'izay ny vola miditra amin'ny mponina izay mivelona amin'ny jono

